PROJET D'EGLISE GROUPE 4 : CULTES EDIFIANTS
Fiainana ara-panahy na Fanolokoloina ny fiainam-panahy

A –Torolalana fanaovana tombatombana eo amin'ny tafo

Araka ny torolalana fanaovana tombatombana eo amin'ny tafo dia misy fizarana roa ny fanolokoloina ny fiainam-panahy dia ny Fanompoam-pivavahana (culte) sy ireo fampianarana sy fotoam-bavaka sy fitoriana samihafa (enseignement, reunion de prières et évangélisations diverses) :

1- Fanompoam-pivavahana :

Isaorana Andriamanitra fa afaka mikarakara sy manatrika ny Fanompoam-pivavahana isaka alahady (afa-tsy ny volana aogositra) isika. Eny fa na dia indroa isam-bolana ihany aza no misy mpitandrina amin'izao fotoana dia misy foana kosa ny mpanompon'Andriamanitra laïka izay afaka mitarika sy mitory teny ny alahady tsy misy mpitandrina. Ny Toriteny - Fampianarana arahina fanontaniana dia indray mandeha ihany no nisy hatreto. Misy fandaraisana indroa isam-bolana eto amin'ny tafo. Zava-dehibe tokoa ny fisian'ireo mpitendry zava-maneno isaka alahady ahafahantsika miredona ny hira fiderana. Tsy adino koa ny talenta hananan'ireo mpandika teny ahafahan'ireo tanora sy ny ankizy tsy mahazo ny teny malagasy manaraka ny fotoam-pivavahana. Hita miavaka ihany koa ireo loko litorijika amin'ny alalan'ny zioga, lamba-databatra.
Ny asa sy fampaherezana izay sahanin'ny SAFIF dia ezahina hisy isam-bolana, anefa arakaraky ny diary dia misy volana tsy afahana manatanteraka izany.
Ny ankatoka kosa dia tsy misy intsony amin'izao fotoana

Araka izany dia ny tsy ampy eto amin'ny fiangonantsika izany amin'izao fotoana araka ireo torolalana fanaovana tombatombana eo amin'ny fotoam-pivavahana ireo dia ny "ankatoka" sy ny Toriteny-Fampianarana arahina fanontaniana.

2 – Fampianarana sy fotoam-bavaka sy fitoriana samihafa :

Misy ny fotoam-bavaka manokana (cellule de prière) indray mandeha isam-bolana izay atao any an-tokan-tranon'ny mpiara-mivavaka.
Misy ihany koa ny fotoana manokana ianarana ny soratra masina amin'ny alalan'ny FLH indray mandeha isam-bolana. Teo aloha dia efa nisy koa io fotoana io ny alahady voalohan'ny volana amin'ny 2 ora tolakandro , natao ho an'ny olona tsy afaka tonga ny zoma hairva.
Ny diakona sy ny sampana dia manao fiofanana mitohy hatrany.
Misy filasiana fisintonana indray mandeha isan-taona manomboka ny sabotsy atoandro hatramin'ny alahady hariva izay atao ivelan'ny fiangonana (La Sauve na Blaye).
Tsy misy ny tafika masina ataon'ny fiangonana.

Araka izany dia efa saika tafa-petraka eto amin'ny tafon-tsika koa izany ireo torolalana momban'ny fampianarana sy fotoam-bavaka sy fitoriana samihafa ankoatran'ny "tafika masina".

Azo lazaina izany fa saika mahafeno ireo torolalana fanaovana tombatombana eo amin'ny tafo isika Fpma Bordeaux raha ny fanompoam--pivavahana-sy ny fampianarana sy fotoam-bavaka sy fitoriana samihafa no resahina .

Fa ahoana kosa aza ny fahitantsika ny votoatin'ireo fotoana rehetra ireo mba hahazoantsika fifohazam-panahy , hitady fihavanana amin'Andriamanitra , haneken-tsika ny hiasan'ny Fanahy Masina ao amintsika mpivory tsirairay avy.

B –FANADIADIANA

Ho entina hamaliana izany dia natao ny fanadiadiana tamin'ny alalan'ireo fanontaniana napetraka amin'ireo mpiara-mivavaka eto amin'ny tafo. Nomena fahalalahana ny mpamaly hilaza izay tsapany sy ny soson-kevitra harosony mba hahazoana tokoa ny FIHAVANANA AMIN'ANDRIAMANITRA SY HANEKENA NY FIASAN'NY FANAHY MASINA AO ANATY mandritra ireo fotoana ireo.
37 no isan'ny namaly ireo fanontaniana napetraka fa dia nahitana sokajin-taona isan-karazany , ny manatrika ny fotoana matetika, ny mahalana fa dia fandravonana no aroso eto.
Tsy nanao sivana ireo valin-teny izahay fa noezahinay nampidirina ato amin'ny fandravonana daholo izy ireo fa anjaran'izay tompon'andraikitra sy ny mpandravona no mahita na azo ampiarina na tsia ny hetahetan'ny tsirairay.

1 – Fanompoam-mpivavahana :

Nisy fanontaniana roa no napetraka :

a- Inona no tsapanao fa mampientana ny fanahinao mandritra ny fotoam-pivavahana ? Quelles sont les choses que vous recevez et qui vous édifient pendant le culte ?

Nitovitovy avokoa ny valin-teny tao amin'ireo sokajin'olona nofaritana fa ny tena hita betsaka indrindra tao amin'ny valin-tenin'ny olona rehetra dia ny toriteny sy ny hira. Toy izao rehefa naravona ny valin-teny rehetra :

- fahavitrihan'ny mpitarika sy ny mpandray anjara rehetra mandritra ny fotoana (vivacité, dynamisme)
- litorijia : rehefa hain'ny mpitarika tsara ny mampiditra ao anaty sy mampatsiahy ny zavatra rehetra hambara toy ny fieken-keloka sy ny famelan-keloka fa tsy fahazarana fotsiny
- toriteny mazava tsara miantefa ho an'ny olona rehetra
- toriteny araha-panontaniana
- fandraisana ny fanasan'ny Tompo
- fiarahana mihira maredona miaraka amin'ny feon-java-maneno
- fiarahana mivavaka

- fiarahana amin'ireo mpiara-mivavaka
- filaminana sy fahanginana
- fanajana ny fotoana : manomboka ara-potana, tsy ho lava loatra

- **b** Inona no soson-kevitra hitanao hanatsarana ny fotoam-pivavahana ? Quelles sont vos propositions/suggestions pour l'améliorer -le culte-?

- tokony hisy fiomanan'ny mpandray anjara rehetra miaraka amin'ny mpitandrina mialoha alohan'ny alahady
- tarihina ny olona hafa ankoatran'ireo efa tompon'andraikitra sy efa zatra handray anjara. sosokevitra iray ny fizarana taratasy, na koa mail faobe amin ny mpiangona mandritra ny volana décembre misy ireo hahafahany manolo tena araka ny talentany sy mety ho vitany (mitarika, mamaky teny, mivavaka.....) dia omena ny VAP, hanaovana planning mandritra ny taona satria, mora kokoa ny fanoloran-tena, rehefa mandinika irery. Toy izay koa afaka atao lisitra ihany koa ireo sampana misy rehetra, mety afaka hirotsahana mba hahafahana mandinika irery any an trano izay sampana tiana hirotsahana.
- liturgie plus vivante pour éviter la monotonie
- hajaina ny fizotran'ny fotoam-pivavahana ka ny ankoatran'ny litorijia dia hatao aoriana toy ny fizarana loka sekoly alahady, tatitra lasy
- toriteny : fidina tsara ny olona mitoriteny mba hahay hampita hevitra mafonja ao anatin'ny fotoana ara-dalana. Toriteny miantefa amin'ny mpiangona fa tsy fanehoana fahaizana fotsiny. Efa misy ny traduction fa tsara koa raha misy diapo.
- hira : miredona ka ny antokom-pihira no mitarika azy, ny tonon-kira tokony hifanaraka amin'ny litorijia, tokony hisy ny fianarana hira mialohan'ny fotoana .
- filazan-draharaha : lava-loatra.
filaminana : ferana ny fivezivezena mandritra ny fotoam-pivavahana : ny antokom-pihira sy ny STK efa nomena toerana manokana ho azy ireo ka tokony samy tonga dia hiara-hipetraka ny mitovy feo ka tonga dia mitsangana fotsiny rehefa mihira . Mampety ilay fitarihana ny hira hiredona mandritra ny fotoam-pivavahana ihany koa izay.
- fahanginana : tsy hifanaretsaka ao an-tempoly ny mpiangona alohan'ny fotoana , ny zaza mitomany tokony hoentina mivoaka kely
- fanombohana ara-potoana
- tsy hatao lava loatra ny fotoana fa tsy mifantoka intsony ny saina rehefa lava loatra, no tsara fantatra mialoha ny fotoana hiiravana hahafahana mandrindra ny fandaharam-potoanan'ny tena.
- misy ihany koa ny nanome soson-kevitra ny hampidirana ny asa mandritran'ny fotoam-pivavahana.

2 – Fampianarana sy fotoam-bavaka sy fitoriana samihafa :

Efa voalaza etsy ambony , ny fisian 'ireo fotoana samihafa ireo eto amin 'ny tafo FPMA BORDEAUX , izay efa voapetrak'i Pasteur Randranto Rakotoarimanana .

Raha tena miandrandra sy manantena FANDROSOANA tokoa isika ,, dia ANDRIAMANITRA irery ihany no afaka hitarika antsika amin'izany , satria tiany handroso ny fanjakany ,ka mba hahatanteraka izany , satria efa nifidy ny ho olon'ny FANAHY ISIKA , dia tsy maintsy manaiky ho fiasan' ANDRIAMANITRA isika hitombo hatrany hatrany amin'ny fahalalana azy :

-ho matotra sy lehibe amin'ny FINOANA ka hiorina mafy amin' izany Finoana izany amin'izay atao rehetra sy amin'ny fotoana rehetra
-hazoto mifandray aminy ka ho tsara fihavanana aminy (amin' ny alalan 'ny vavaka sy ny fianarana ny teniny). mikolokolo ny FIAINAM-PANAHY sy ny firaisana aminy .

Raha bangoina dia rehefa i Jesoa Kristy no mitoetra sy manjaka ao anatin-tsika tsirairay avy , satria tena nandray azy marina tokoa isika , satria efa NATERAKA INDRAY isika , efa nanaiky sy resi-lahatra fa IZY TOKOA no ho Tompo sy Mpanjakan ' ny tenan-tsika manontolo ; dia afaka MATOKY isika , fa IZY :JESOA KRISTY no mitarika antsika amin'ny alalan'ny FANAHY MASINA ho tonga amin 'ny tena fahalalana marina tokoa azy , ary IZY no HITARIKA antsika hahalala sy hanao ny tena SITRAPONY (fa tsy ny sitrapon-tsika) , amin 'izay asa rehetra fanompoana efa nekentsika ho raisina , ka mba ho araka ny HALEHIBENY , ho araka ny ENDRINY , ho araka ny VONINAHINY , ho araka ny fampianarana izay nomeny antsika izay rehetra rehetra ataontsika , izany hoe tsy atao ambany lanja , tsy ataotao foana , tsy atao an-tsirambina na kitoatoa na lasa fahazarana fotsiny , fa tanterahina sy tontosaina tena amin'ny FO SY FANAHY : sady mahitsy no madio ary marina sy masina satria ANDRIAMANITRA no tompon' ny FIANGONANA .

Noho izany dia tsy azontsika atao ambaninjavatra tokoa ireo FOTOANA rehetra natokana hianarana , hikolokoloana ny Finoana, hifandraisana sy hifanolorankevitra , eo amin' ny mpino rehetra , mba hifampizarana sy hifanolorana ary hitaizana antsika hatrany hatrany tsy tapaka , tsisy fetra .Eo indrindra no hahafahan 'ny tsirairay mandinika ny tenany(remise en question) ka manitsy izay mety ho fahadisoana , manarina ny tsy fahatanterahana , ary manaiky hiezaka ho amin' ny mety kokoa hatrany araka izay tena tadiavin'ny TOMPO tokoa amin' ny isambatan'olona .Voakasik'izany avokoa isika rehetra , fa tsy ireo manana sy tompon'andraikitra fotsiny ihany .

Dia rehefa tanteraka izany rehetra izany , rehefa miezaka daholo isika tsirairay avy , ny MPINO REHETRA handroso tokoa hahatanteraka izany ; dia izay no tena tadiavin'ny TOMPO sy TAKIANY amintsika ; izay no CULTE EDIFIANT.

Raha nametraka fanontaniana tamin'ireo sokajin 'olona samihafa eto amin' ny FPMA Bordeaux , araka ny sokajintaona, ny anjara toearany .....izahay ao amin' ny groupe 4, toy izao :
- Efa nanatrika ireo fotoambavaka manokana , fandalinana lohahevitra , fampianarana.... ve ianao ?
- raha eny ,inona no mampientana anao ? raha tsia , inona no antony ?
- inona no soson-kevitra arosonao?

Dia fintinina eto ireo valim-panontaniana sy hetahetan 'ny tsirairay.

Maro amin' ireo tanora no efa nanatrika ireo fotoana ireo , izay tena mahavelom-panantenana tokoa .
Ireo sokajy (35 à 50 taona) : no somary malaina amin' ny fanatrehana ireny fotoana ireny .

a- **ho an'reo izay marisika manatrika ireo fotoana ireo** dia:

- noho ny fianarana entin'izany : ny Finoana sy ny fiainana Kristiana , fahalalana tokoa izay tena sitrapon' Andriamanitra
- ny fiarahana mivavaka
- ny fifandraisana , sy fifankafantarana misimisy kokoa eo amin' ny samy mpiara-mivavaka .
- ny fifampizarana hevitra , fifanakalozan-kevitra , fotoana hahafahana miresaka sy maneho tsirairay ny heviny , ary koa fianarana miteny sy maneho hevitra eo imason' olona

b- **ny tsy marisika kosa hanatrika ireo fotoana ireo** dia :

- ny tsy fahafahana manatrika : fotoana (andavanandro , ny ora izay hariva loatra)
- ny tsy maharisika hanatrika :

.ireo themes fidiana (tsy mampientana loatra) , tsy tena fifanakalozan-kevitra indraindray fa ireo mpitarika ihany no miteny sy manazava ,
.ireo mety ho fanakianana (critiques et jugements) azon 'ireo sasan-tsasany , na ireo tanora , na ireo vao mianatra
.

d- **ireo soso-kevitra natolotra hanatsarana sy entina hanamboarana izany** :

- NY FOTOANA :
  - araka ny fantatray dia efa maro ireo ady hevitra natao teo aloha mba hahitana izay fotoana mety hahafaka ny maro an' isa , izay no nisian 'ireo fotoana hariva .
  - azo atao ny mampiovaova ireo fotoana : zoma hariva , alahady mialoha ny fiaraha-mivavaka ...araka ireo sokajim-pampianarana :izany hoe tsy fotoana raikitra foana ohatra ny FLH , fa indraindray zoma hariva , indraindray ny alahady mialoha ny culte .
  - ny tena fangatahan ' ny maro ary hinoana fa hitaona ny maro amintsika dia ny systeme : CONFCALL(azon 'ny rehetra hatrehina , fanajana ny fotoana hitenenan'ny tsirairay ; voafetra ny fotoana hihaonana .....)

- NY LOHAHEVITRA dinihina :
  - ovaovaina ny lohahevitra dinihina , mikasika ny fiainam-panahy , ary koa ny fiainana andavanandro (amin' ny maha Kristiana).
  - azo aroso amin ' ireo sampana tsirairay avy ny mifidy sy manolotra ny lohahevitra , araka ny hetahetany , dia ezahina atao izany mandritra ny taona raha toa tolo-kevitra mahomby ka hahasoa ny Fiangonana (voadiniky ny Mpitandrina)

- Ny FITARIHANA sy FANDRINDRANA ireo fotoana :

  - atrehin' ny Mpitandrina fa afaka mandray anjara amin 'ny fitarihana koa ireo olona tsotra izay maniry hizara izany araka ny mety ho talenta nomen ' Andriamanitra azy .
  - tena ho ady hevitra tokoa handraisan' ny maro anjara fitenenana , tsy ho 'cours magistral" fotsiny : azo atao systeme ATELIERS ;
  - ho an 'ireo zokiolona dia maniry hi zarana taratasy (resumé) , ireo fampianarana rehetra natao .Azo atao koa ny fanaparitahana izany ao amin'ny site FPMA Bordeaux , mba ho soratra raikitra azo vakiana matetika .

D-FEHINY

Efa notolorana antsika FPMA Bordeaux avokoa , ireo rafitra rehetra hizorantsika ho amin' ny Fiangonana mandroso

Efa voapetraka daholo ireo fomba (moyens) hitaomana sy hitarihana ny MPINO , hitaizana sy hitomboan 'ny Finoana.

Ho valin ' izany Fitiavan' Andriamanitra izany dia andrasany sy takiany amintsika tsirairay ny Fanompoana azy amin'ny FO, ny fanarahana ny didiny sy ny sitrapony . ka hanaiky Azy sy hanome voninahitra Azy amin' izay rehetra ataon-tsika AMIN' NY ANARANY , na dia izay mety ho heverin-tsika fa madinika indrindra aza : satria mahasarotiny AZY izany.

Ary satria mitovy daholo isika eo imason ' ANDRIAMANITRA , na eo aza no mety ho fahasamihafana (ny tenantsika tsirairay , ny andraikitra sahanintsika eo amin ' ny Fiangonana, , izay mety ho fiheveran-tsika ny tenantsika) ; izany hoe laharana IRAY isika eo anatrehan' Andriamanitra : FITIAVANA iray , FIJERY mitovy . Noho izany indrindra no tsy maintsy ezahintsika ny fifampitaomana , ny fizarana sy fampianarana araka izay efa nomen ' ANDRIAMANITRA ny tsirairay , amim-pitiavana , amim-panetretena , hifanolo-tanana amin' izay rehetra atao mba ho hita taratra tokoa hatrany , ny FIFANKATIAVANA (ny fiteny , ny fihetsika) , hiseho mandrakariva fa tena vavolombelona tokoa isika (miaro ny fitsipikin'ny BAIBOLY , ka hazoto hiasa sy haneho ny Finoana amin ' 'ny ASA , satria ny TOMPO no maniraka antsika hiasa , hiroso hatrany amin ' ny lalindalina foana hatrany , hanatsara ny fifandraisana aminy ; izany hoe hitombo ara-panahy ny tsirairay amintsika ; ka tsy ho kivy na hihemotra na mandalo fotoan-tsarotra sy mety ho tohina noho ny fihetsika sy fisainan' ny sasany aza ; haneho sy hampiseho FITIAVANA amin ny rehetra ka tena hampihatra fa tsy hanonona fotsiny am-pahazarana ny tena MAHA IRAY antsika : amin' ny asa rehetra , amin ny fampianarana , amin ny fotoana mahafaly , amin ny fotoana manahirana sy mahasahirana .

NY FIOMBONANANA SY FITAMBARANA amin ny mahasamihafa antsika rehetra : amim-pitiavana, amin ny fandeferana, izay no andrasan ' Andriamanitra amintsika zanany ka hankasitrahany : dia ny ho TAHAKA AZY , sy ny TOA AZY.

Izay no tolokevitra azonay groupe 4 hatolotra ho dinihin-tsika rehetra , mba ho fanomanana ny projet d' EGLISE eto amin ' ny Tafo Bordeaux .

Misaotra manokana ny Pasteur Falimanana Raharindranto amin' ny fitarihana sy fampaherezana nataony handrosoana tamin ny asa ; misaotra koa ny tsirairay izay nandray anjara tamin 'ireo fanadihadiana natao.
Dia mbola mampahery ny groupe 8 amin' ny fandrindrana ireo asa rehetra vita.

Ny Groupe 4